# Ilay Voa Tsara Nafafy 28 Aogositra 2018

# 28 Talata aogositra

**Nisangodingodina ireo sady nivembena toy ny mamo, ka dia very ny sainy rehetra.** Salamo 107. 27

**Fa rava ny fanorenana, ka inona indray no azon'ny marina atao ?** Salamo 11. 3

**Andriamanitra vatolampiko, Izy no ialofako.**
2 Samoela 22. 3

## Filazana tafio-drivotra

„Na aiza na aiza jerena, dia mivangongo eny amin'ny faravodilanitra rehetra ny rahona mainty. Mivembena etsy sy eroa ny toekarenan'izao tontolo izao", hoy ity mpanao gazety iray.

Marina fa ratsy ny fandehan-javatra eto amin'izao tontolo izao. Ary tsy ny toekarena ihany. Tsy misy soatoavina intsony, satria very — na koa lavina — ireo torolalana niorenan'ny fiarahamonina. Dokadokafana ny hoe taonjato liam-pivoarana, ka lalàna mandrava ny fototra iorenan'ny fianakaviana no avoaka. Afangaro ny fieritreretana sy ny fahiratan-tsaina ; soloina amin'izay metimety ho an'ny isam-batan'olona ny fahamarinana. Fitantanana izao tontolo izao anilihana an'Andriamanitra no heverina. Ambaran'Andriamanitra antsika ao amin'ny Baiboly fa hofaranany amina fitsarana izany hambo izany.

Nefa na dia mivembena aza ny tany, ny sezafiandrianan'Andriamanitra any an-danitra kosa dia tsy voahozongozona (Salamo 11. 4). Andriamanitra dia mitoetra ho fanorenana mafy azon'ny mpino ianteherana. Ankehitriny Izy dia mbola miteny amin'ireo rehetra mitady vonjy aminy, hoe : „Miverena amiko" (Malakia 3. 7). „Na zovy na zovy no mandre izany teniko izany — hoy Jesosy — ka mankatò azy, dia hoharina amin'ny lehilahy manan-tsaina izy, izay nanorina ny tranony teo ambonin'ny vatolampy" (Matio 7. 24). Hiantonta amin'izao tontolo izao ny tafiotra, saingy tsy misy afaka manozongozona izay manorina ny fiainany eo amin'Andriamanitra. Hoy Izy amin'ny tsirairay : „Anio, raha hihaino ny feony ianareo, aza manamafy ny fonareo" (Hebreo 3. 15). Ny tena kristiana dia hakarina. „Avy faingana Aho", hoy Jesosy. „Izaho ... hiaro anao ho voavonjy amin'ny andro fakam-panahy izay efa hihatra amin'izao tontolo izao, ho fizahan-toetra izay monina ambonin'ny tany" (Apokalypsy 22. 20 ; 3. 10). Aorianan'izany dia ho tara loatra ny fitodihana aminy.